Firy taona...

Soumis par pasitera

Firy
taona izy teo

kanefa ange jereo

fa mihamikororoso

na zara fa mandroso

'zato firenena

efa mivena ?

Firy
taona izy teo

ka ahoana no tsy leo

fa tsisy fiovana

na fahagagana,

n'aiza n'aiza

ange, sakaiza ?

Firy
taona izy teo

fa tsy nahenoana feo,

na kely akory

ny tsy hatory

ho an'ny osa

toa miavosa ?

Firy
taona izy teo,

nisy niantso hoe : vonjeo

kanefa dia tsy hita

rehefa mba tafita

na hoe voafidy

fa toa nandidy ?

Firy
taona izy teo

no nibaiko hoe : poteho

ka tsy mahavariana

raha ny fijaliana

no mandresy

sy misesy ?

Fredy
JAOFERA

http://www.haisoratra.org